

MILAZA ZAVATRA TSY ATAO NA TSY HISEHO INTSONY MAMPIASA "anymore"

Raha toa ka entina milaza asa na tranga tsy miseho mihitsy ny "never", dia maneho asa na tranga efa nisy ka tsy miverina intsony kosa ny "anymore". Azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "tsy...intsony" izy; tahaka ny hita amin'ny hoe "Tsy tia anao intsony aho." na "Tsy zazakely intsony ianao." Miarakana amin'ny teny hafa maneho fandavana foana; toy ny "not" sy "never"; no ampiasana ny "anymore"

Examples:

- I don't want to go there **anymore**. / Tsy te handeha ho any intsony aho.
- Jessica doesn't like shrimps **anymore**. / Tsy tia patsabe intsony i Jessica.
- Dad does not drink alcohol **anymore**. / Tsy misotro toaka intsony i dada.
- I just don't like to work with you **anymore**. / Tsy tiako intsony fotsiny ny miara-miasa amnao.
- James is not sick **anymore**. / Efa tsy marary intsony i James.
- You are not a little kid **anymore**. / Tsy ankizy kely intsony ianao.
- It will not rain **anymore**. / Tsy ho avy intsony ny orana.
- I will never meet you **anymore**. / Tsy hihaona amina intsony aho.
- I will never be your friend **anymore**. / Tsy ho namanao intsony aho.
- You should not bother me **anymore**. / Tsy tokony hanelingelina ahy intsony ianao.
- I can't go to work **anymore**. / Tsy afaka mandeha miasa intsony aho.
- The name cannot be changed **anymore**. / Tsy azo ovana intsony ilay anarana.

to want: te

to go: mandeha

there: any, eny

to like: tia

shrimp: patsabe

drink: misotro

alcohol: alkola, toaka

just: fotsiny

work: miasa

with: miarakana amin'ny

sick: marary

little: kely

kid: ankizy

to rain: avy orana

never: tsy...mihitsy

to meet: mihaona

friend: namana

should: tokony

to bother: manelingelina

can't: tsy afaka

to go to work: mandeha miasa

name: anarana

to change: manolo, manova